Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# FIARAHA-MIVAVAKA 27 MEY 2020

## Miambena fa tsy fantatrareo ny andro

Lohahevitra anio : Fanoharana ny amin'ny virjina folo - Mat 25.1-13

Mitarika : Pst Toky Rakoto

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina

### Salamo 103. 15-22

Tahaka ny ahitra ny andron'ny zanak'olombelona; tahaka ny vonin-javatra any an-tsaha ny famoniny, satria tsofin'ny rivotra izy ka lasa ary tsy mahalala azy intsony ny toerany. Fa ny famindrampon'NY TOMPO dia hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay amin'izay matahotra Azy ary mihatra amin'ny taranaka ny fahamarinany, dia amin'iz ay mitandrina ny fanekeny sy mahatsiaro hankatò ny didiny. Efa nampitoetra ny sezafia ndrianany any an- danitra NY TOMPO; ary manapaka izao rehetra izao ny fanjakany. Misaor a NY TOMPO, ianareo anjeliny, dia ianareo izay mahery indrindra sady mankatò ny didiny ary mihaino ny feon'ny teniny. Misaora NY TOMPO, ianareo miaramilany rehetra, dia ia nareo mpanompony izay manao ny sitrapony. Misaora NY TOMPO, ianareo asany rehetr a manerana ny fanjakany. Misaora NY TOMPO, ry fanahiko. Amena

### Vavaka

### Fampidirana

- **Hira** FFPM 642 – Hitako izao, sakaiza! (1,3)

### Vakiteny 1 - Matio 25. 1-5

« Ary amin'izany ny fanjakan'ny lanitra dia ho tahaka ny virijiny folo izay nitondra ny fanalany ka niainga mba hitsena ny mpampakatra. Ny dimy tamin'ireo dia adala fa ny dimy kosa dia hendry. Fa nandray ny fanalany ny adala nefa tsy nitondra solika fiandry; ary ny hendry kosa dia nitondra solika tao anatin'ny fitondrana azy sy ny fanalany. Ary raha naharitra ela ny mpampakatra dia samy rendremana izy rehetra ka natory. »

- **Hira** FFPM 332 – Finaritra ny olonao (1,2)

### Vavaka isam-pianakaviana

### Vavaky ny mpitandrina

### Vakiteny 2 - Matio 25. 6-9

« Nefa nony misasakalina dia nisy antso hoe: Iny ny mpampakatra! Mitsangàna mba hitsena azy. Dia nitsangana ireo virijiny rehetra ireo ka samy nanamboatra ny fanalany. Dia hoy ny adala tamin'ny hendry: Mba omeo kely amin'ny solikareo izahay; fa efa ho faty ny fanalanay. Fa namaly azy ireo ny hendry hoe: Tsia, tsy ampy ho anay sy ho anareo ny anay, fa mandehana mankany amin'ny mpivarotra ka mividiana ho anareo. »

- **Hira** FFPM 52 – Efa akaiky Jeso Tompo (1,2)

### Vavaka isam-pianakaviana

### Vavaky ny mpitandrina

**Vakiteny 3 - Matio 25. 10-12**
« Nefa raha mbola lasa nividy izy ireo dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa vonona dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady dia narindrina ny varavarana. Taorianan'izany vao tonga kosa ireo virijiny sisa ka niteny hoe: Tompoko, tompoko, vohay izahay! Fa hoy izy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy fantatro ianareo. »

- **Hira** FFPM 52 – Efa akaiky Jeso Tompo (3,4)

**Vavaka isam-pianakaviana**

**Vavaky ny mpitandrina**

**Vakiteny 4 - Matio 25. 13**
« Koa amin'izany miambena ianareo, fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora. »

- **Hira** FFPM 39 – Faingàna, ry Mpanjaka! (1,2)

**Vavaka isam-pianakaviana**

**Vavaky ny mpitandrina + Vavaka nampianarin'ny Tompo**

**Hafatra**

Aza mangorohoro ny fonareo; minoa an'Andriamanitra ianareo, ary minoa Ahy koa. Ao amin'ny tranon'ny Raiko misy fonenana maro; raha tsy izany dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho dia ho avy indray ka handray anareo ho any Amiko, ary izay misy Ahy no hisy anareo koa. - Jaona 14:1-3

- **Hira** 39 – Faingàna, ry Mpanjaka! (4,5)

**Tsodrano**

Hitahy anao anie NY TOMPO ka hiaro anao; hampamirapiratra ny tavany aminao anie NY TOMPO ka hamindra fo aminao; hanandratra ny tavany aminao anie NY TOMPO ka hanome anao fiadanana. - Nomery 6:24-26